Blue Ventures Conservation Andavadoaka, Madagasikara

fiarovana *fanabeazana fikarohana*

Sokatra,Toeram-piarovana,Antsantsa, Ecolodge, sy lohahevitra maro hafa, Tsy nisy andro nanjombona ho an'ny Blue Ventures tamin'ny taona 2007

Vaovao momba ny Fikarohana, Janoary - Martsa 2007

Atrikasan'ny Komity ny Velondriake

Blue Ventures no nampiantrano ny Atrikasan'ny Komity ny Velondriake Voalohany

"Ecolodge" ao Andavadoaka

Andavadoaka sy Blue Ventures **no miara-misalahy amin'ny fanombohana ny fizahantany**

Manara-maso ny fitrandrahana ny sokatra an-dranomasina arovana Natomboka ny fandaharanasa fanarahamaso ho an'ny karazana sokatra tandindomin-doza any atsimo andrefan'i Madagasikara

Ampifanarahana amin'ny zava-misy ny Tetikasa fanarahamason'ny antsantsa

Ny vokatra azo mialoha no manambara fa tsy mamiratra ny ho avin'ny karazana antsantsa any an-toerana



Fitsirihana ny kalitaon'ny rano

Misy zavatra mampiahiahy ny rano ao **Andavadoaka**

Ny mpiasa an-tsitrapo no manohana ny sekoly ao Andavadoaka; Fanomeza avy aminy malala-tànana no ahafahan'ny ankizy maro manohy ny fianarany .

Ny atrikasan'ny Komitin'ny Velondriake

Ny drafitra sy ny fandrindrana ny tambazotran'ny toeram-piarovana Velondriaka manerana ny faritr'Andavadoaka, izay natsangana tamin'ny volana Oktobra 2006 no arahin'ny Komity maso, mahakasika ny mpikambana rehetra avy amin'ny tanànany tsirairay avy, izay mandray anjara amin'ny drafitra.

Ny tambazotra dia nomena ny anarana "Velondriake", izay midika hoe "Mivelona amin'ny Ranomasina" ary mahakasika tanàna 23, tanàna manana ny maha-samihafa azy tsirairay avy, indrindra eo amin'ny toeram-ponenana (jereo ny sarintanin'ny Faritry ny Velondriake).

Tamin'ny Zoma 23 martsa farany teo ny Blue Ventures dia nikarakara rikasa nandritry ny iray andro manontolo niaraka tamin'ny Komitim-pitantana ny Velondriake.

Ny Tanjona dia ny hampahafantratra ny asa sy ny andraikitry ny Blue Ventures any amin'ny Faritra. Nararaotiny koa ny fotoana, nanazavany ny anjara asan'ny Komity eo amin'ny fametrahana sy ny fantanterahana ny Velondriake. Tamin'io andro io ihany ny Komity no namosaka ny filàny manokana sy nanazavany ny sehatra izay hitadiavany fanampiana eo amin'ny fandroson'ny fizotrin'ny Toeram-piarovana an-dranomasina .

Nanararaotra an'io atrikasa voalohany io ny mpiasan'ny BV, nampahafantatra ny mpizaika ny tetikasa fikarohana. Ny asa tanterahiny any amin'iny faritra iny dia mahasahana fanadihadihana maro momba ny fanjonoana, ny firaisan'ny tontolo iainana ary ny fanadihadiana eo amin'ny fiaraha-monina aman-toe-karena, manomboka any amin'ny fitsirihana ny harambato ka tonga hatrany amin'ny fanarahamason'ny entana varotana eo an-tanàna.

Taorian'ny lahadinika samihafa, ny mpikambana ao amin'ny Komity dia nanolotra ny vaha-olana mikasika ireo olana maro mianjady aminy any amin'ny faritra. Ohatra amin'izany ny olana eo amin'ireo mpanjono antsantsa sy sokatra tsy ara-dalàna izay voakasiky ny fandaharanasa fanarahamaso.

Notateriny tao koa ny olana teo amin'ny manodidina, toy ny fisian'ny volavolan-kevitra momba ny fampandrosoana ny fizahantany ao amin'ny "Baie des Assassins". Ny mponina dia nahare ny vaovao momba io vinavina io tamin'ny Kaompania iray avy any Afrika Atsimo, izay miara-miasa amin'ny Mpitondra Fanjakana Foibe amin'ny fananganana toerana fandraisambahiny lehibe iray, izay ahitana toeram-pilalaovana golfa, dobo filomanosana maro, trano fandraisam-bahiny mahazaka fandriana 100. Io toeran io dia handrakotra velarantany mahatratra hatrany amin'ny 5000 hekitara.

Ny mponina dia naneho ny tebitebiny momba ny mety ho fiantraikan'izany asa fampandrosoana izany eo amin'ny Honko sy izay mety ho fifanindriany amin'ny tambazotran'ny tahirin-javaboahary misy any amin'ny faritra. Ny mponina ao amin'ny tanànan'ny Lamboara sy Tampolove no tena nanambara ny ahiahiny momba izay mety ho vokatry ny fitrandrahana ny rano ilaina amin'izany asa fampandrosoana izany, izay inoana fa tsy maintsy hisy fiantraikany goavana eo amin'ny rano fisotro, izay efa kely any amin'iny faritra ngazana sy maina iny.

Ny Komity dia niangavy ny Blue Ventures sy ny WCS hirotsaka lalina kokoa ao amin'ny tetikasa, indrindra fa any amin'ireny toerana lavitra manamorona ny tambazotran'ny vala tahiry ireny, ary nangataka izy ireo mba handray anjara amin'ny fifidianana ny toeram-piarovana vonjimaika sy maharitra ao anatin'ny tambazotra. Ny komitim-panatanteraka koa dia nandroso hevitra ny amin'ny hanairana ny sain'ny olona amin'ny tetikasa sy ny amin'ny fomba hisintonana ny mpizahatany any amin'ny faritra Velondriake.

Tany amin'ny fifaranan'ny atrikasa, ny mpiasan'ny Blue Ventures dia nandefa horonantsary fohy momba ny tetikasa bolanaina (biosphere) any Sulawesi. Ny ankamaroan'ny olana voatanisa tao anatin'ilay sarimihetsika dia tsy misy valaka amin'ny olana natrehan'ny mponina tany am-boalohany tao anatin'ny tambazotran'ny Velondriake na heveriny koa fa mety hianjady aminy ao aoriana kely ao: ny fitombon'ny mponina dia miankina tanteraka amin'ny harena voajanahary izay marofy, ary tandindomin-doza hatrany noho ireo jono sy asa fampandrosoana tsy maharitra ka mety manapotika izany.

Ny horonantsary dia mampiseho ireo vatohara vao na simba, sy ireo fanjonoana ara-indostrialy sy ny zavatra lanilany foana sy simba naterak'izany. Nandritry ny fifanakalozan-kevitra taorian'ny sarimihetsika dia hita nisoritra teny amin'ny endrik'ireo mpikambana ao amin'ny komitim-panatanteraka ny reharehan'izy ireo manoloana ireo fandrosoana goavana vita tao anatin'ny Velondriake. Kanefa tsy hita nafenina na dia niserana ihany aza ireo fanahiany momba an'izay olana mety ho atrehiny mandritry ny fizotrin'ny asa ao anatin'ny tambazotra .

Ny Blue Ventures dia mikasa hikarakara atrikasa toy ireny isaky ny iray vola sy tapany (6 herinandro), ho fomba iray entina hanamafisana orina ny fahaiza-manaon'ny komitim-panatanteraka, ary mba hampitana fahaizan-draharaha izay manampy azy ireo eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mahomby eo amin'ny fitantanana iandreketany mandritry ny volana maro ho avy. Ny atrikasa dia fotoana lehibe tsy hay vidiana ho an'ny Blue Ventures satria nahafantarany ny fasahiranana natrehan'ny komitim-pitantana ary nahafahany nahatakatra ny fomba nitondran'ny ekipan'ny mpikaroka ny anjarabirikiny amin'ny fametrahana ny fizotry ny asa enti-miatrika ny fihantsiana maro.

Ny tanjona lehiben'ny atrikasa manaraka dia ny famakafakana lalina an'ireo foto-kevitra voavolavola, ny fanomezana fiofanana fototra momba ny firaisan'ny tontoloiainana, ny fitantanana ny harena an-dranomasina ary ny fomba hanampiana ny fitantanana ny toeram-piarovana an-dranomasina.

Amin'izao fotoana izao, ny Blue Ventures Conservation sy ny tanànan'Andavadoaka dia mikaroka fanampiana hanorenana trano "Ecoldge" miompana amin'ny zahavoary. Ny tanjon'ity tetikasa ity dia ny hitazomana ny petraka-harena, izay ho fomba fiainana iray vaovao ho an'ny mponina eo an-toerana, izay mivelona tanteraka amin'ny fitrandrahana ny harena an-dranomasina izay efa miharingana.

Ny Eco-Lodge ao Andavadoaka

*Ny **Eco-Lodge tantanin'ny mponina***

Ny tompon-tany Vezo, monina amoron-dranomasina any amin'ny faritra lavitra any Toliara, any Atsimo Andrefan'i Madagasikara dia mpahay lakana. Ny maha-Vezo azy sy ny fomba fiainany dia miankina tanteraka amin'ny ranomasina. Ny ankamaroan'ny harambato lehibe indrindra, itoeran'ny bibisokay eto amin'ny Oseana Indiana dia hita any amin'iny faritra iny, saingy ny tontolo an-dranomasina dia potika nohon'ny asa fanjonoana tsy maharitra ilofosan'ny mponina, hany ka ankehitriny ny Vezo dia miatrika ny fahaverezan'ny asa fivelomany sy ny maha-izy azy mihitsy aza.

Ny asa fikarohana dia mampatsiaro ny mpanoratra ny fahantrana sy ny fasahiranana mianjady amin'ny mponina, ary etsy andaniny, mahatsapa koa izy fa afaka miroborobo sy mivelatra tsara ny fizahantany, nohon'ny hakanton'ny natiora tena mahatalanjona any amin'iny faritra iny.

Ny foto-drafitrasa momba ny fizahantany misy any an-toerana dia tsy mitondra tombontsoa firy na tsy mamokatra n'inon'inona mihitsy aza ho an'ny mponina any an-toerana. Vitsy ny olona no mikarama eo amin'ny sehatry ny fizahantany, ny sakafo sy ny zava-pisotro dia vidiana sy taterina avy any amin'ny tanàn-dehibe izay iaraha-mahalala fa any dia mora kokoa ny sarany, ary ny mpizahan-tany dia zara raha mitsidika ny faritra. Mazàna dia tsy mahatratra 24 ora akory ny fitsidihana ataon'izy ireny any an-toerana satria mitselika ny fiara tsy mifidy làlana (4X4) mitondra azy mizaha-tany. Tsy misy na zara fa misy ny vola miditra ho an'ny mponina. Araka ny tahiri-kevitry ny Firenena Mikambana, ny vola iainan'ny mponin'Andavadoaka isan'andro dia tsy mahatratra 2 dolara amerikana akory ary olona tena sahirana tokoa ny olona monina any amin'iny faritra iny. Ny fianarana any amin'ny ambaratonga ambony fototra sy ny sara-pitsaboana dia andoavan' ny mponina vola daholo fa tsy maimaim-poana akory, mazàna ny fahasalamana sy ny fanabeazana dia sehatra tsy mitana ny laharam-pahamehana mihitsy any an-toerana fa ambin-javatra ihany eo amin'ny fiainany.

Ny tombony rehetra azo avy amin'ny "Eco-lodge", tetikasa heverina ho tantanin'ny mponina, dia entina hanohanana ny vinavinan'asa rehetra ataony ao an-toerana ary tantaniny avy amin'ny alalàn'ny tahirim-bola fampandrosoan'ny tanàna. Ny "eco-lodge" ao Andavadoaka dia hamorona asa, hampiroborobo ny toe-karena ao an-toerana, hametra-bola ho amin'ny fampitaovana ny sehatry ny fanabeazana sy ny fahasalamana ary koa hanome asa vaovao eo amin'ny lafiny ara-toe-karena sy hamatsy angovo vaovao hafa ho an'ny mponina, izay mihantehatra amin'ny harena an-dranomasina, izay efa marefo tokoa eo amin'ny fiainany isan'andro sy eo amin'ny antom-pivelomany.

Ny "Ecoldge" ao Andavadoaka dia hanome ireo asa rehetra ireo ny mponina ao an-toerana sady hampihena ny fiantraikany ratsy eo amin'ny tontolo iainana

Ny trano dia tsy mamoaka karbona ary seho iray azo hadihadiana ho an'ny fampandrosoana ny mponina izany, eo amin'ny asa fanentanana ny mpitsidika mikasika ny olana ara-kolotsaina, ara-tsosialy ary ara-tontolo iainana ary koa ho trano fanaovana atrikasa manome porofo ny mponina sy ny mpitsidika ny maha-zava-dehibe an'ireo tombontsoa azo avy amin'ny loharanon'angovo azo avaozina.

Ny tanan'Andavadoaka dia hiara-miasa amin'ny Blues Ventures mandritry ny efa-taona, hamolavola fanombohana (concept) sy drafitrasa samihafa ho an'ny Ecolodge. Komity iray no nahita toerana eo amin'ny 8 hekitara eo, eny amoron-dranomasina, fehezin'ny dina izany toerana hanorenana ny Eco-lodge izany. Fanampiana tsy misy fetra no ataon'ny mponina ho an'ny Ecolodge, tsy hadino ihany koa ny fanampian'ireo fikambanana nasionaly sy avy any ivelany.

Ny asa "Ecolodge" dia singa iray amin'ny ezaka nataon'ny mponina hampiroboroboana ny fampandrosoana maharitra ary manaitra ny sain'ny olona hanome lanja ny fomba enti-miasa eo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana mifototra amin'ny mponina.



Ny Zotra Narahin'ny Sokatra Telo Mitondra Famantarana, amin'ny fifindrany monina, voarakitry ny Tetikasan'ny Blue Ventures momba ny Fanarahamaso ny Sokat

Raha mila fanazavana fanampiny dia manorata amin 'Atoa:

Richard Nimmo amin'ny adiresy mel richard@blueventures.org na miantso ny laharana an-tarobia: +44 (0)2083419819

Manara-maso ny fitrandrahana ny Sokatra an-dranomasina voaaro

Nanamarika ny fiandohan'ny taona vaovao ny fanombohana ny tetikasa fikarohana nataon'ny Blue Ventures teo amin'ny fanarahamason'ny Fano na soka-dranomasina any amin'ny faritra atsimo andrefan'i Madagasikara. Ny tetikasa izay novatsian'ny National Geographic Society (Etazonia) sy ny Rufford Foundation (Angletera) vola dia mikendry ny fanarahamason'ny sokatra nohazaina eo amin'ny tanàna 14, manodidina an'Andavadoaka. Ny asa fikarohana dia miompana amin'ny famantarana ny karazana sokatra misy any amin'ny faritra, manangona ny torohay ara –biolozika eo amin'ireo sokatra voasambotra ary manoritra ny asa fanjonoana amin'ny alalàn'ny

tombanezaka ara-tsosialy sy ara-toekarena. Izany asa izany dia rariana hampandroso ny drafitrasa fitantanana ny fiarovana ny tontolo iaianana sy hampiroborobo ny fandaharanasa fanabeazana, fomba iray entina hampaharitra ny fihazana sokatra amin'ny ho avy.

Ireo karazana soka-dranomasina fito dia voasokajin'ny IUCN (Ny fikambanana ny Mpiaro ny Tontolo Iainana eran-tany) ho tandondomin-doza na marefo ary vita lisitra any amin'ny fanampin'ny tahiri-kevitry (i) ny CITES (Fifanarahana eo amin'ny Varotra iraisam-pirenena an'ireo karazam-javamananaina tandondomin-doza) izay mifehy ny varotra iraisam-pirenena an'ireny voahary tandondomin-doza ireny. NY Fano (5) karazana (fano zaty, fano hara, fano tsipioke, fano apombo ary fano valozoro) amin'ireo fano karazana fito no hita any amin'ny fari-dranomasina atsimo andrefan'i Madagasikara, Misy ny porofo mivaingana maneho ny fihenan'ny isan'ireo fano.

Ny Fahalalana nentim-paharazana momba ny Tontolo iainana (TEK) dia manambara fa taona vitsivitsy lasa izay, ny fano dia nanatody teny amin'ny torapasika manamorona ny tanàna, ka nahafahan'ny olona mihaza azy ireny mora foana.

Ny mponina Vezo dia manana tantara momba ny fitrandrahana ny fano sy ny fomba mifanaraka amin'izany (Takasy). Ka na dia fantatry ny olona tsara aza fa tsy azo atao ny mihaza ny fano, dia tsy nanasakana azy ireo izany mandrak'ankehitriny. Fihazàna manohitra ny lalàna, tsy voatatitra ary tsy voafehy. Ny asa fikarohana ataon'ny Blue Ventures dia tsy hanafoana ny fomban'ny mpanjono sanatria fa mba hahafahana mametraka fiaraha-miasa amin'ireny vondron'olona ireny mba hahatakarany ny ilàna ny haharetan'ny fanjonoana, mba ahafahana mamolavola tetikasa ho an'ny fametrahana loharanom-bola hafa.

Ny fandaharanasa fanarahamaso iandreketan'ny Blue Ventures dia mampiasa mpanangombokatra efa voaofana, iray isaky ny tanàna 14.

Manangona torohay sy manao tatitra isaky ny fano azo no andraikiny. Anisan'izany ny torohay momba ny biolozian'ny sokatra sy ny refiny, ny vaovao manokana momba ny haimponin'ilay mpanjono sy ny fihazàna nataony. Ity tetikasa ity dia mampiasa fitaovana fakan-tsary ari-fomba, mba hahafahana manamarina ny fanangonana natao ary hahafahana manangana ny tahirin-tsary momba ny haza.

3 volana monja taorian'ny nanombohana ny fanarahamaso dia efa hita mivaingana sahady ny vokatra. Ireo tanàna voakasiky ny tetikasa dia nitatitra fa betsaka ireo fano voasambotra tamin'ireo karazana dimy misy. Efa eo amin'ny fano 200 no azo nandritry ny telo volana naharetan'ny fanadihadiana. Ny fano zaty (*Chelonia mydas*) dia nahatratra 92% -n'ireo haza rehetra, ny fano hara (*Eretmochelys imbricate*) sy ny fano apombo (*Caretta Caretta*) dia eo amin'ny 3% avy ary ny ambiny 2% dia mizara amin'ny fano tsipioke *sy ny fano valozoro.*



Ny fisehon'ireo haza fano nandritry ny 3 volana tamin'ireo tanàna 14

Araka ireo vokatra azo, ny fano vavy 3 –fano apombo 2 ary fano zaty iray - dia nahitana mari- pamantarana. Ny fano zaty dia teo amin'ny 20-25 taona teo ho eo tamin'izy nametrahana mari- pamantarana raha iny izy nanatody iny tany amin'ireo Nosy Europa tamin'ny taona 1984; midika izany fa 50 taona teo izy tamin'izy voasambotry ny mpanjono tao Antsepoke. Ny fano apombo dia teo amin'ny 45 taona teo ho eo no voasambotra; teo amin'ny faha-30 taonany teo izy no nametahana mari-pamantarana, tany amin'ny 40km atsimon'ny sisin-tanin'i Mozambique. Ny fahazoana ireny mari-pahamantarana ireny dia manome vaovao lehibe tokoa momba ny haitontolo iainan'ny fano, ny biolozian'ny fanamaroany sy ny lalàna arahany rehefa mifindra monina izy ireny; (jereo ny sari-tany pejy faha-3)

Ny tetikasa fanaraha-maso ny antsantsa

Tamin'ny faran'ny taona 2006, Ny Blue Ventures no nilaza am-pahibemaso ny fanombohan'ny fandaharanasa fikarohana vaovao. Izay tafajoro nohon'ny fanohanana ara-bola nataon'ny PADI Project Aware, sy ny Florida's Sea World Busch Gardens. Ny fandaharanasa dia manara-maso ny fanjonoana antsantsa any amin'ny manodidina an'Andavadoaka any amin'ny faritra atsimo andrefan'i Madagasikara.

Antsantsa dimy karazana no hiaraha-mahalala fa miaina any amin'ny ranomasina manodidina ny faritra atsimo andrefan'i Madagasikara ary ny ankamaroan' ireo karazana ireo dia voarakitra ao amin'ny lisitra menan'ny IUCN, anisan'ireo antsantsa voalaza ho tandindomin-doza.

Ny fanjonoana antsantsa dia tsy mbola voarara ny lalàna eto Madagasikara. Nohon'ny vidin'ny elatra antsantsa, izay zary lasa entam-barotra tsy mety lany, ary noheverina fa harena tsy voatrandraka firy, dia betsaka ireo fikambanana nirotsaka tamin'ny fampiroboroboana ny jono antsantsa satria fomba hafa ahazoan'ny mpanjono any an-toerana vola izany.

Nefa, ny fitomboan'ny jono antsantsa haingana tao anatin'ny folo taona dia nahatonga famolavolana tahiri-kevitra maro miompana amin'ny fampitambarana ny jono sy ny fihenan'ny fanjonoana, na ny jono isaky ny ezaka fanjonoana iray, izay mampiseho fa ny jono antsantsa any amin'ny faritra dia misedra fitontonganana tokoa. Izany toe-javatra izany dia misy fiantraikany goavana tokoa eo amin'ny mponina, satria ny jono antsantsa dia manana toerana lehibe eo amin'ny fiainany eo amin'ny lafiny ara-toekarena sy ara-tsosialy, ary tsy azo hodian-tsy hita koa ny fiantraikany ratsy eo amin'ny ekolozia satria izany fitontonganan'ny jono antsantsa izany dia mandringana ny biby mpihaza voalohany amin'ny biby eo amin'ny firaisan'ny tontolo iainana.

Elatra antsantsa avy tamin'ny mpanangom-bokatra ilaina amin'ny fanarahamaso

Tanàna miisa 14 no voakasiky ny tetikasa, ny tanàna tsirairay dia samy manana mpanangom-bokatra iray, izay karamain'ny Blue Ventures handray an-tsoratra ny momba ny haza antsantsa tsirairay. Ny mpanangom-bokatra dia nomen'ny mpiasan'ny Blue Ventures fiofanana, manangona ny vaovao ara-biolozika sy mamantatra tsara amin'ny antsipiriany ny momba ny antsantsa tsirairay araka izay mety. Tahaka ny fandaharanasa fanarahamason'ny sokatra, dia nomena fakan-tsary manara-penitra ny mpanangom-bokatra mba hahafahany mandray tsara ny vaovao marina sy tena izy, indrindra fa eo amin'ny famantarana ny karazana.

Ny vokatra voalohany teo amin'ny tetikasa dia mafonja tokoa; tao anatin'ny telo (3) volana monja dia antsantsa 398 no azo sy voarakitra an-tsoratra, amin'ireo karazana dimy misy.

Ny antsantsa fotsy antsoina hoe "White tip reef sharks" dia mitotaly 54% amin'ny fitambaran'ny haza, ny 26% hafa dia ny antsantsa "hammerhead sharks". Ny antsantsa bory elatra antsoina hoa "shortfin mako (*Isurus oxyrinchus*)" dia hita tany amin'ny nosin'Andranombala, ary ny 'Akiofoty' na (*Carcharodon carcharias*) izay marefo indrindra amin'ny antsantsa dia voatondro fa hita tany amin'ireny tànana hanaovana fanarahamaso ireny.

Ny mpanangom-bokatra no mamarotra ny vokatra lafo vidy indrindra avy amin'ny antsantsa any amin'ny mpivarotra, toy ny elatra antsantsa izany, ireto farany no mandafo indray ny vokatra any amin'ireo mpividy eny an-toerana na any amin'ireo vahiny (avy amin'ny tsena iraisam-pirenena). Ny Blue Ventures dia manakarama mpivarotra iray any Morombe mba hanangom-baovao sy hanara-maso ny fiovana eo amin'ny filàna ny vokatra antsantsa eo amin'ny sehatra nasionaly sy iraisam-pirenena, ary koa eo amin'ny fiovaovan'ny vidin'entana.

Ny fanohanan'ny mpiasa an-tsitrapo ao amin'ny Blue Ventures ny Sekoly ao Andavadoaka

Ny Blue Ventures sy ireo mpiasa an-tsitrapo teo aloha dia nametraka fandaharanasa mikarakara vatsim-pianarana, izay arindran'ny mpikaroka an-dranomasina Vola Ramahery, miompana amin'ny fanolorana fanomezana samihafa entina hanampiana ny ankizy hianatra sy ahafahany manohy izany na eo an-toerana na any an-kafa.

Ny fandaharanasa momba ny vatsim-pianarana dia nanomboka tamin'ny taona 2005, tany am-boalohany dia natokana ho an'ny ankizy 14, izay avy amin'ny fianakaviana sahirana ka tsy afaka handoa saram-pianarana, na hividy fitaovam-pianarana. Ny fahalalan-tànan'ny mpiasa an-tsitrapo tao amin'ny Blue Ventures, no nahafahana nanohanana ny fianaran'ny ankizy 25 tamin'ny taom-pianarana voalohany ary ankizy 47 tamin'ny taom-pianarana farany 2006-2007. Ny tetikasa dia hitan'ny sekoly teny an-toerana fa nahomby ary heverina fa ahafahana manohana ankizy 50 hafa indray ny fanampiana amin'ny taom-pianarana manaraka.

Ny saran'ny fanohanana mpianatra iray mandritry ny taom-pianarana dia sandaina eo amin'ny 15 dolara amerikana, ary mahatratra 20 dolara izany ho an'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa fototra. Ny fanohanana dia tsy voafaritra handoavana ny saram-pianaran'ny ankizy fotsiny fa ahafahana mividy ny fitaovana entiny mianatra ihany koa, toy ny boky sy ny penina izany. Ny vatsim-pianarana dia manampy ny ankizy hianatra ao Andavadoaka ary manohana ankizy vitsivitsy hianatra any Morombe sy Toliara.

Ny fanomezana dia tsy nahafahan'ny ankizy mianatra ihany fa nanampy ihany koa tamin'ny fametrahana tetikasa manohana ny fianaran'ny ankizy antsoina hoe Alo Alo, tany am-boalohany dia nanohana ny fikambanan'ny ankizy momba ny tontolo iainana tao Andavadoaka izy io. Volana maromaro taty aoriana nefa, ny Alo Alo dia lasa nanangana trano-fampindramam-boky sy trano fijerena sarimihetsika. Rariana mba hahazo tombon-tsoa amin'izany fahalalan-tànan'ny mpamatsy vola izany koa ny ankizy any amin'ny tanàna manodidina amin'ny taona ho avy avy amin'ny alalàn'ny fitaran'ny vatsim-pianarana any amin'ny tanàna ao anatin'ny Velondriake.

NY sarin'ny Mpianatra ao amin'ny Ambaratonga Voalohany ao Andavadoaka

Fijerena ny kalitaon'ny rano ao Andavadoaka

Olona miisa 4 tapitrisa maneran'izao tontolo izao no tratran'ny aretina nohon'ny tsy fahalavorarian'ny rano fisotro, nateraky ny tsy fahatomombanan'ny fahadiovana sy ny fahasalamana, ka mitarika fahafatesan'ny olona 2,2 tapitrisa isan-taona. Maro ny tokantrano aty amin'ny firenena an-dalàm-pandrosoana no tsy manana toeram-pidiovana akory ka ny rano-maloto avy nampiasaina dia mivarina any amin'ny rano madio.

Ny antontanisa navoakan'ny fikambanana British charity Wateraid vao haingana nio mananmbara fa ny 71% ny mponina eto Madagasikara dia tsy mahazo rano fisotro madio ary 87% dia tsy manana fitaovana na toeram-pidiovana fototra akory. Ireo toe-javatra roa ireo dia miteraka sakana amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana, ny fanabeazana ary ny sehatra ara-toekarena eto amin'ny firenena. Ny mari-tondron'ny Fandrosoana navoakan'ny Banky Iraisam-pirenena tamin'ny taona 2001 dia nampiseho fa ny 70%-ny aretina mpahazo ny olona eto Madagasikara dia azo avy amin'ny rano fisotro tsy lavorary sy ny tsy fahatomombanan'ny fahadiovana daholo.

Ny tsy fahalavorarian'ny fahadiovana dia manome vahana ny otrikaretina na ny singa hafa ankoatran'ny bakiteria hifindra avy amin'ny alalàn'ny vava na avy amin'ny alalàn'ny fivalanana. Ao ny kolerà, ny *Escheria coli*, ny *Salmonella*, ny aretin'aty A, ny rotavirus, raha tsy hitanisa afa-tsy ireo. Ireo otrikaretina rehetra ireo dia miteraka aretina tsy misy fanafana, mahafaty mihitsy aza, indrindra eo amin'ny tanora, ny olon-dehibe ary ireo olona tsy ampy hery fiarovana. Ankoatran'ny aretina, ny ny rano maloto dia mivarina any amin'ny tontolo iainana anaty rano, ka rehefa betsaka loatra izany dia mahatonga ny toeram-ponenana anaty rano ho lasa mahazo sakafo diso tafahoatra ary miteraka toe-javatra mampiahiahy.

Any amin'ny tontolo iainana amoron-dranomasina marivo any amin'ny tany tropikaly, toy ny rano eny amin'ny rikasia marivo manodidina an'Andavadoaka, ny fitomboan'ny herin-kanina dia mety mampirongatra ny ahidrano eny amin'ny sisin-dranomasina, izay toe-javatra mety mampihena ny herin-tohitry ny vatohara any amin'ny faritra toy ireny. Andavadoaka, toy ireo tanàna rehetra any amin'ny faritra dia tsy manana toeram-pidiovana. Ny rano ho an'ny biby sy ho an'ny olona dia alaina avy amin'ny fantsakana enina (6) eo an-tànana, ary ny karaza-pako rehetra dia atoby eny amin'ny tora-pasika na ariana any anaty kirihitrala, efa miha-ringana any ivelan'ny tanàna.

Nandritry ny volana maromaro, ny fanadihadiana natao tao Andavadoaka dia niezaka namantatatra ny habetsaky ny fifindran'ny otrikaretina eo amin'ny rano fisotro eo an-tanàna, miaraka amin'izay ny famantarana ny aretina mety aterak'izany ary koa ny vokany eo amin'ny tontolo iainana. Ny fahalalana ny toe-javatra misy dia ahafahana mametraka ny laharam-pahamehana mifanandrify amin'izany ary koa mamolavola ny asa atao ao amin'ny alalàn'ny tetikasa momba ny fahadiovana;

Betsaka ny toerana nangalana rano tao an'Andavadoaka sy manodidina ny tanàna, entina hatao fanavahana (analyse) any Angletera. Nangalana ampahan-drano daholo ny vovo enina (6) tao Andavadoaka sy ny torapasika telo (3) manamorina ny tanàna.

Ireo rano nalaina dia nanaovana fitsapana sy fanavahana ny zava-mananaina mitondra mikrôba ohatra ny bakterian'ny tsinay (mba hahafahana mijery ny aretina ateraky ny loto mankany amin'ny rano); ny *E. coli (*ndrindra ireo miteraka ny aretina *E colr 0157)* ary ny basila *Salmonella.* Ankoatra ny famantarana an'ireo karazana mikrôba ireo natao koa ny fanavahana simika ny rano, hijerena raha misy ny siran'azota sy ny amôniôma, ny pH ary ny haavon'ny fahasirasira.

Nanampy izany fanavahana izany, dia nangonina koa ny torohay mikasika ny fomba ny olona eo amin'ny lafiny ara-tsosialy sy koltoraly, ary koa ireo fitondran-tenany manoloana ny fidiovana sy ny fahadiovana. Ilaina daholo ny halalana izany torohay izany mba handrafetana ny drafitry ny fandaharanasa mety ho atsangana.

Ny vokatra azo voalohany dia nampiseho fa ny toerana folo (10) amin'ny toerana iraikambinifolo (11) dia samy mitondra otrikaretina daholo izay samy manana ny ambaratongan'ny habetsany avy. Ny toerana tsy misy otrikaretina dia ny toerana fanovozan-dranon'ny Blue Ventures, izay loharano hafa no mamatsy izany. Ny fanavahana ny mikrôba dia mampibaribary sahady ny mety hitsirian'ny olana ara-pahasalamana avy amin'ireo vovo enina (6), izay ahitana ny *E. coli* 0157 (mpitondra aretina) ary ny toerana dimy (5) amin'ny enina (6) dia feno bakteria. Ny fanahotoana ara-simika voalohany dia mampiseho fa ambony ny tahan'ny siran'azota, ny amôniôma ary ny fihenan'ny haavon'ny solifara, toe-javatra, izay mampiseho fa ny fakon'ny olona eo an-tanàna no nahatonga izany.

Ny Torolalàna momba ny kalitaon'ny ranon'ny Sampanasan'ny Firenena Mikambana momba ny Fahasalaman dia manambara fa ny rano madio azo sotroina sy hisasana dia toy izao: tsy ahitana kôlibasilan'ny fivalanana mihitsy ny fatran-drano 100 ml, ary 50mg isaky ny litatra ihany ny siran'azôta. Noho izany ny vokatry ny fandinihana ny rano voalohany dia mampiseho fa misy otrikaretina ny rano ao Andavadoaka ary tokony ho jerena haingan izay vahaolana mifanandrify amin'izany.

Ny fanadihadiana ny fiaraha-monina dia manambara fa nisy ny trangan'aretina kôléra tao an-tanàna tamin'ny taona 2000 izay nitarika fahafatesan'olona maro tokoa. Taty aoriana, dia nisy ireo fianakaviana vitsivitsy no niezaka nampiasa toerana fivoahana, saingy tsy naharitra ny fampiasany izany ary taty aoriana dia tsy nisy olona nampiasa intsony ny toerana. Ny tsy faharetana amin'ny fiovam-pihetsika dia noheverina fa avy amin'ny tsy fisian'ny ezaka fanabeazana mifanandrify amin'ny fiantraikan'ny fahadiovana eo amin'ny toe-pahasalamana. Ny fangerena an-kalamanjana dia fomban'ny mponina

Vezo. Ankehitriny anefa ireo taranaka vao misondrotra dia efa mba mieritreritra ny hiala amin'izany fahazaran-dratsy izany. Efa manomboka mangery eny amin'ny toerana mangingina ny olona. Ny ankizy sisa no mangery eny amin'ny torapasik'Andavadoaka amin'ny atoandro fa ny olon-dehibe rehefa hanao izany dia amin'ny alina na miafina lavitry ny tanàna.

Mba hanatsarana ny fomba hitandroana ny fahasalamana ao Andavadoaka dia nisy ny famolavolana manokana ny drafitra momba ny fitandrom-pahasalamana ao an-tanàna, nampiarahina tamin'ny fanadihadiana, izay natomboky ny mpikaroky ny BV iray, ramatoa Katrice King, izay avy any amin'ny Oniveriten'ny Wales, any Bangor. Ny drafitra dia manolotra fandaharanasa fanabeazana momba ny fahasalamana sy ny fahadiovana amin'ny antsipiriany ary koa mamaritra ireo toerana tsy azo idiran'ny biby fiompy, izay toerana mety ahazoana ny aretina. Ny drafitra dia manolotra tolo-kevitra momba ny hampiharana ny haitao momba ny gaza avy amin'ny zavamanaina, izay mampiasa ny fivalanan'ny olombelona sy ny tain'ireo biby mba hamokarana metàna, izay mamokatra angovo azo avaozina. Ny fampiasana an'io angovo azo avy amin'izany haitao izany dia afaka manome herinaratra ho an'ny tanàna. Izany trangan-javatra vaovao izany dia afahan'Andavadoaka trandrahina hampiroboroboana ny lafim-piainana ara-toe-karena, ohatra amin'izany ny fahafahana mampiasa fomba fitehirizana an'ireo haza an-dranomasina izay afaka mitahiry tsara ny vokatra ka tsy mampiova azy ireny ary mampitombo ny vidiny eo amin'ny tsena iraisam-pirenena.

Ny vokatra ankoatra ny etona azo avy amin'ny haitao dia azo atao zezika tsara, ny otrikaretina rehetra efa maty nandritry ny fizotrin'ny fomba namokarana an'ilay gaza. Vokatra ara-toekarena goavana ho an'ny tanàna izany.

Ny maha-zava-dehiben'ny fisian'ny tatitra dia ny hanosika ireo mponina hahatsapa ny voka-dratsin'ireo fomba ampiasaina ankehitriny amin'ny fitandroam-pahasalamana ao Andavadoaka, ary manolotra ireo fomba hanarenana izany, toy ny fampiasana gaza avy amin'ny zavamananaina, izay inoana fa hitondra fampandrosoana ho an'ireo mponina Vezo. Ny tatitra dia azo alaina ao amin'ny tranokalampifandraisan'ny BV afaka herinandro vitsivitsy.

Mitohy ny asa momba ny SocMon

Ny fahafantarana ireo hery fanoitra eo amin'ny fiaraha-monina aman-toekarena toekarena dia zava-dehibe afaka hanampy amin'ny fanombohana asa ho an'ny fitantananana ny fiarovana ny tontolo iainana sy afaka ahazoana ny firafitry ny firaisantontolo iainana an-dranomasina eo amin'ny lafiny biolozika sy ekolozika.

Ny SocMon dia tetikasa rezionaly izay mikatsaka ny fampiroboroboana ny fitantanana ny harena an-dranomasina sy amorontsiraka aty amin'ny fari-dranomasina andrefan'ny Oseana Indiana. SEMP no fiantsoana azy taloha na hoe (Tetikasa Fanaraha-maso ny Fiara-monina aman-toekarena); ny SocMon dia afaka manome manam-pahaizana mitarika fandaharanasa fanarahamaso ao amin'ny faritra nanomboka tamin'ny taona 2000.

Ny fandaharanasa fanarahamaso ny fiaraha-monina aman-toekarena ao amin'ny Blue Ventures dia efa natomboka tao amin'ny tanàna telo, Andavadoaka, Lamboara ary Ampasilava, ary aely manerana an'ireo tanàna ao anatin'ny tambazotran'ny toeram-piarovana Velondriake. Ny fandaharanasa SocMon dia manana tanjona roa lehibe:

Ny famenoana ny tombanezaka atao amin'ny fiaraha-monina aman-toe-karena natao maneran'ireo tànana ao anatin'ny tambazotran'ny toeram-piarovana an-dranomasina, mameno ny vokatra azo avy amin'ny asa notontosaina teo aloha rehetra, ary

Ny fametrahana fomba hahazoana ny fiovana eo amin'ny fiaraha-monina aman-toe-karena sy ireo fahitana ny harena an-dranomasina ary ireo asa fitantanana vaovao toy ny fanatanterahana ny tambazotran'ny toeram-piarovana an-dranomasina.

Ny fandaharanasa vaovao momba ny fanarahamaso, izay vao naparitaka tsy ela dia notarihin'ny Mpandrindra ny fikarohana momba ny fiaraha-monina aman-toe-karena vaovao, Gildas Fanomezantsoa. Tamin'ny volana Janoary I Gildas dia nandray Anjara tamin'ny fiofanana, nokarakarain'ny CORDIO (Ny Fahasimban'ny Vatohara aty amin'ny Oseana Indiana). Ny atrikasa momba ny fanofanana ireo mpiatrikasa dia nahafahan'i Gildas, noho ireo fahaiza-manao noratoviny,hampianatra ny tekinika sy ny fomba mikasika ny SocMon ny olon-kafa ao anatin'ny tambazotran'ny toeram-piarovana Velondriake sy any amin'ny toera-kafa eto Madagasikara. Efa tafaverina any Andavadoaka i Gildas ankehitriny ary miara-miasa amin'ireo Komitin'ny Velondriake sy ireo ekipan'ny toeram-piarovana, manao fikarohana ho an'ity ezaka fanarahamaso goavana ity.

Ny vokatra azo avy amin'ny fandaharanasa SocMon dia hahafahan'ny vondron'ny Velondriake mandray anjara feno amin'ny fizotrin'ny fitantanana sy ny fanaovana drafitra momba ny toeram-piarovana an-dranomasina. Izany dia mamaritra ny maha-zava-dehibe ny sandan'ny harena an-dranomasina any amin'ny faritra, ary ahafahana manao ny tombanezaka mikasika ny famokarana sy ny fiantraikan'ny fampiharana ny paikady momba ny fitantanana ny asa fiarovana, izay hampifanarahana amin'ny toe-piainana eo anivon'ny fiaraha-monina aman-toe-karena misy eny an-toerana.

Vaovao samihafa tao Andava-doaka

Andro iray natokan'ny Blue Ventures

Tamin'ny volana Martsa 2007, ny Blue ventures dia nikarakara andro iray natokany ahafantarana azy sy ny asany. Nandritry ny iray andro manontolo, ny mpiasa, ny mpiasa an-tsitrapo ary koa ny mpitsidika dia nifaly tanteraka. Ny mponina teo an-toerana dia afaka nitsidika ny toeram-

pikarohana ary nandranto fahalalana bebe kokoa momba ny asa ataon'ny Blue Ventures sady afaka niala-voly, sy nifaly ary nilalao.

Ny lanonana dia nosokafana tamin'ny famelabelarana samihafa, momba ny loha-hevitra maro, natomboka tamin'ny laha-dinika momba ny tambazotran'ny toeram-piarovana Velondriake ka hatramin'ny asa fanaraha-maso an-dranomasina izay notontosain'ny Blue Ventures nandritry ny telo taona, mba hahazoana ny fomba famantarana ny karazana zavamananaina an-dranomasina, toy ny antsantsa sy ny sokatra izay hita any amin'ny ranomasina manodidina an'I Madagasikara. Nisy ihany koa famelabelarana loha-hevitra maro hafa, toy ny olana ara-pahasalamana mpahazo ny mponina, nataon-dRadokon'ny BV.

Ireo lakana handray anjara amin'ny fifaninanana

Ambonin'ireo laha-dinika samihafa dia nisy ny kilalao maro nandraisan'ny rehetra anjara, tao ny fanaovana sary sy fandokoana, ny fanangonana ny vato miloko sy mamiratra indrindra, nalaina tamin'ny fomba fanjonoana nentim-paharazana, ary nisy aza ny fanandramana misitrika an-drano – tao anaty koveta io !). Fifaninanana teny amin'ny tora-pasika, ady baolina kitra, natao talohan'ny sakafo antoandro, narahin'ny fifaninana fanorenana lapabe tamin'ny fasika, ary ny zavatra nanamarika an'iny andro iny dia ny fifaninana lakan-drafitra, 14 kilaometatra mandroso sy miverina, namakivaky ny rikasia nanodidina ny Nosy Fasy.

Andavadoaka lany handray anjara amin'ny famaranana hahazoana ny Loka Ekoatera natolotry ny Sampan'ny Firenena Mikambana hoan'ny Fampandrosoana (PNUD)

Bic Manahira, no mpiasan'ny Blue Ventures voafidy hisolo tena ny mponina an'Andavadoaka, hiatrika ny dingana farany, amin'ilay fifaninanana karakarain'ny Sampandraharaha ny Fanmpandrosoan'ny Firenena Mikambana hahazoana an'ilay Loka Ekoatera.

Ny loka dia mankasitraka ireo asan'ny mponina aty amin'ny zanapehitany (tropiques) manampy amin'ny fanenana ny fahantrana amin'ny alalàn'ny fiarovana ny zaanaina. Bic, sy ireo mponina ao Andavadoaka dia nankasitrahana nohon'ny asa nifandrombonany niaraka tamin'ny Blue Ventures nampandroso ny toeram-piarovana an-dranomasina (MPA) tany amin'ny faritra, izay ao antin'ny tambazotran'ny Velondriake.

Ny fahombiazan'ny fanakatonana ny toeram-panjonoana ny orita manodidina an'Andavadoaka no nisantarana ny fampiroboroboana ny tambazotran'ny toeram-piarovana izay mahahenika tanàna 23 eo amin'ny manodidina, izay mandrakotra velarana misy ,firaisan'ny tontolo iainana marefo eo amin'ny 700km^2 izay mahatratra 40 Km ny halavany manaraka ny moron-dranomasina.

Ny mponina ao Andavadoaka dia mahafantatra tsara ny fifandraisan'ny fikajiana ny harena ary mahazo an-tsaina mazava fa ny làlana mahomby mitondra any amin'ny fitantanana ny fiarovana ny zavamananaina dia tsy maintsy mandalo amin'ny fampandraisana anjara ny mponina.

Izany no nahatonga an'ny Blue Ventures sy ireo mpiray ombon'antoka aminy hiara-hiasa amin'ny mponina eo an-toerana eo amin'ny tetikasa fiarovana mba hametrahana loharanom-bola hafa ivelomana toy ny fiompiana an-dranomasina na ny zaha-voary.

Fantatra ankehitriny fa i Bic miaraka amin'i Daniel Raberinary, mpiasa iray any an-toerana no hanatrika ny fanolorana ny loka Ekoatera, ka handray izany amin'ny anaran'ny tanàn'Andavadoka, amin'ny faha-5 ny volana Jiona, any Berlin, Alemàna.

WCS sy ny Trano-pamokarana "NS Productions" hitety vohitra manentana momba ny sarimihetsika vaovao

Ny WCS, fikambanana miara-miasa amin'ny Blue Ventures dia vao avy nitety tanàn'ny mpanjono maromaro, nitondra ny sarimihetsika vaovao izay mahazendana tokoa, mitondra ny lohateny hoe: "Voyage of the Vezo"na ny "Ny Dian'ny Vezo"



i Maro Bezozo no mpilalao fototra ao amin'ny sarimihetsika. Nahatsapa izy fa efa nihena sy nihakely ny trondro azony amin'ny asa fanjonoany ka dia nanapa-kevitra izy fa handeha lavitra, hitsidika ireo mpanjono Vezo namany ary hizaha raha toa ka tojo ireo olana mikasika ny harena an-dranomasina toy azy ihany koa ireto namany. Ny sarimihetsika dia manasongadina ny fiaraha-monina Vezo, amin'ny fomba tena izy mihitsy sy amin'ny maha-izy

ny Vezo manokana ihany ary koa mampiseho ny fifaningorany akaiky amin'ny tontolo an-dranomasina izay iankinan'ny fiainany manontolo. Ny fitetezana tanàna dia nizotra tsara ary ankehitriny dia mifantoka amin'ny fampiroboroboana ny fikajiana ny vatohara amin'ny sehatra lehibe kokoa.

Azo jerena amin'ny adiresin'ny tranokalam-pifandraisana voasoratra eto ambany ny sombintsombin'ilay sarimihetsika:
http://www.myspace.com/vezofilm